MASINA MARIA RENIN'ANDRIAMANITRA

Renin'andriamanitra sy mpanjakavavin'ny fiadanana i Masina Maria

Ry Kristianina Havana, an-kafaliana sy an-karavoana no anolorako ny fiarahabana mitafotafo amintsika rehetra amin'izao andro voalohan'ny volana janoary mampiditra antsika amin'ny Taombaovao izao. Ho taom-pahasoavana, ho taon-jina hitondra fiadanana sy fahasoavana ho antsika mianakavy anie ity taona vaovao 2022 izay hodiavintsika ity. Manana akony manokana ny fiarahabana sy firarian-tsoa iarahantsika manao amin'ity Taombaovao ity satria tsy misy miafina amin'ny tsirairay ireo hamafin'ny adim-piainana natrehina namakivaky an'iny taona lasa iny. Mendrika sy rariny tokoa raha mifampiarahaba isika, mifanolotra firarian-tsoa. Bonne et sainte année 2022. Inona àry ny hataontsika mba ho taona masina sy ho taom-pahasoavana ity 2022 ity?

Vakiteny I : Fan. 6, 22-27
Tononkira : Salamo 127
Vakiteny II : Gal. 4, 4-7
Evanjely : Lk. 2, 16-21

Raha misokatra ny fontsika ka mandray an'Andriamanitra dia ho feno fiadanana ka afaka mandray sy mizara hafaliana amin'ireo manodidina antsika. Arakaraky ny fisokafan'ny fiainantsika amin'Andriamanitra no hahatsara ny fiainantsika.

Mba hanampy antsika hahay hanokatra ny fontsika ka mandray an'Andriamanitra dia atolotry ny Eglizy ho antsika amin'izao voalohan'ny taona izao ka iarahantsika mankalaza fety lehibe ho entintsika hamakivaky ny taona dia ny fankalazana an'I MASINA MARIA RENIN'ANDRIAMANITRA SY MPANKAVAVIN'NY FIADANANA.

Vokatry ny fampianarana konsily natao tany Efezy tamin'ny taonjato faha-4 izao fankalazana manetriketrika izao. Rehefa nandinika tsara ny finoantsika ireo Aban'ny Eglizy nanatrika ny Konsily dia nahatsapa fa SADY ANDRIAMANITRA NO OLOMBELONA I Jesoa noho izany dia Renin'Andriamanitra I Masina Maria. Tsy miova ny finoana hatramin'ny voalohany araky ny fanambaran'Andriamanitra sy nambaran'I Jesoa, io finoana io araka ny efa nolazaintsika. Misy ny finoana inoana, ilay fiekem-pinoana izay ivelomantsika ny maha-Kristianina katolika antsika dia ny

dogma na adika amin'ny teny tsotra hoe "Teny finoana". Ohatra efa ninoana hatramin'ny voalohany ny maha-Renin'Andriamanitra an'I Masina Maria, io konsily tao Efesy io no namaritra ny Theotokos (Teotokosy) izay midika hoe Renin'Andriamanitra.

Misy ny finoana inoana ary misy ny finoana ankalazaina, ankalazain'ny Eglizy I Masina Maria Renin'Andriamanitra. Misy ny finoana iainana, indraindray mety ny finoana iainana no lasa aloha toy izay ny finoana inoana. Izany no manaporofo fa ny fahalalana ny finoana no misy fivelarana hatrany izay atao hoe "intelligence de la foi" izay mahatonga ny konsily hamaritra satria inoana fa ny famaritana ireny dia vokatry ny fanomezan'ny Fanahy masina araky ny vaoalazan'I Jesoa tamin'I Piera "Ny Fanahy Masina no nanambara izany taminao" raha nilaza izy fa I Jesoa no Kristy zanak'Andriamanitra velona izy. Tsy hoe manova ny Eglizy, tsy afaka hanova ny finoana ny Eglizy fa ny fahazoana ny finoana no misy fivelarana bebe kokoa hanampy antsika hivelona ny finoana satria izay finoana izay no iainana ary izay iainana no raisina an-tànana, Azontsika honona tsara amin'izao ny anton'ny anaovantsika Sinaody. Tsy hoe hanova ny finoana isika fa hikatsaka kosa rehefa mifampitraotro, mifampidinika, mifampitandregny, mifampihaino…mba hametraka torolalana mazava (directoire pastorale) hanampy antsika hivelona ny finoana ka hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA. Ny tanjona dia mba hanao "depart vaovao", fiaingana vaovao, PANTEKOTY taorian'ny fiatrehana ny KORONTANAVIRUS izay nanonjogozona ny "sambom-pinoantsika". Hahatonga antsika ho EGLIZY MIARA-DALANA, EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Tsy irery isika amin'izany fa miaraka amin'I Masina Maria Renin'Andriamanitra, Renin'ny Eglizy izay ankalazaintsika niany ity.

Amin'izao voalohan'ny volana Janoary izao dia atolotry ny Eglizy hodinihintsika i Masina Maria Renin'Andriamanitra satria Andriamanitra I Jesoa, tsy ny maha Renin'Andriamanitra an'I Masina Maria no voalohany fa I Jesoa no voalohany fa noho I Jesoa Andriamanitra dia Renin'Andriamanitra koa ny reniny araka izany.

Zanak'Andriamanitra tokoa I Jesoa, tonga olombelona izy, ary I Masina Maria no reniny ka mahatonga azy ho renin'Andriamanitra. Izany ny dogma izay nofaritana tany efezy tamin'ny taona 354, I Masina Maria renin'Andriamanitra no natolotr'I Jesoa teo am-pototry ny hazo fijaliana tamin'I Joany, "Indro ny reninao", I Joany no nisolo tena antsika rehetra tamin'izay, ny Eglizy no nandray azy ary ao anatin'ny Eglizy I Masina Maria satria anisan'ny voavonjy na dia amin'ny fomba manokana aza. Raha mandray an'i Masina Maria isika dia mandray an'I Jesoa. Izany no antony anokanan'ny Eglizy fetin'i Masina Maria renin'Andriamanitra mba ho raisintsika ao am-pontsika ao I Masina Maria amin'izao fanombohan'ny taona izao. Raha mamakivaky ny taona miaraka amin'I Masina Maria isika dia miaraka amin'I Jesoa. Nandresy ny ratsy amin'izao tontolo izao I Jesoa ka afaka mandresy ny ratsy rehetra manapotika antsika rehetra isika amin'ity taona vaovao ity. Betsaka ny ratsy manapotika ny tontolo iainantsika, sy ny tontolom-piainantsika ary ny tontolom-pinoantsika ka tsy ahafahantsika hanana fivelarana amin'ny mahaolona manontolo ka manomboka izao taona vaovao izao dia mametraka ny fiainantsika miaraka amin' Jesoa isika mba ho taranaka mpanorina marina isika. Izany koa no anombohantsika ny taona anatin'ny tontolom-pinoana vaovao araky ny ampianarin'ny vakiteny voalohany bokin'ny Fanisana, Andriamanitra mandrotsaka ny tsodrano sy ny fahasoavany ho an'izay miantso ny anarany, "Hiantso ny anarako eo amin'ny zanak'israely izy ireo ary izaho hitsodrano azy ireo". Manantena àry isika fa amin'izao fankalazantsika ny voalohan'ny

taona izao miaraka amin'I Masina Maria Renin'Andriamanitra dia handray ny tsodrano mitafotafo avy aminy isika. Miaraka amin'i Masina Maria isika no mitalaho ny tsodranon'Andriamanitra ho antsika tsirairay, ho an'ny fianakaviantsika, ho an'ny tananantsika, ho an'ny Eglizy, ho an'ny diosezy, ho an'ny tanindrazantsika fa indrindra amin'izao kihon-dalana misy antsika izao.

Izany koa no averimberin'i Papa fa indrindra amin'ny resaka politika, isika rehetra no voaantso amin'izany fandraisana anjara amin'ny politika izany, mitady ny soa iombonana. Ny politika dia manambara sy mitady izay hahasoa ny tanàna ary dia manana adidy hiaina ny politika ny olon-drehetra. Ny mponina rehetra, ny ampy taona rehetra dia manana andraikitra hanasoa ny tanàna misy azy ka izany politika izany no tian'i Papa hampahatsiahivana antsika. Izany no politika tsara hoy ny Papa fa misy ny politika ratsy dia ireo politika mikatsaka fotsiny ny tombotsoan'ny tena ka zary manapotika ny hafa.

Raha manatanteraka ny politika tena izy izany hoe politika tsara isika dia mitondra amin'ny fiadanana sy fahandriam-pahalemana « La bonne politique au service de la paix », hoy Papa amin'ny hafany. Ny politika marina tena izy dia amin'ny fitondrana amin'ny fanompoana sy amin'ny fitiavana ny fandriampahalemana. Mazava ny hafatry ny Papa ao amin'ny Ansikilika FRATELLI TUTTI OLO ARAIKY ANTSIKA JIABY = MPIRAY TAM-PO AVOKOA ISIKA JIABY. Hazavain'I Papa mazava amintsika ny atao hoe politika lavorary. Raha fintinina dia ny fikatsahana ny soa iombonana. Tsy tanteraka izany raha vonona mahafoy ary manompo. Ireto no hitondra amin'ny fampandrosoana maharitra lovain-jafy ary fampandrosoana hampivelatra ny maha olona sy olona manontolo. Enga anie isika samy handray izany ho fanamby sy vina hivelomana amin'izao taombaovao 2022 izao.

Ny tenin'Andriamanitra androany izay andro ankalazana ny Renin'Andriamanitra, Renin'ilay mpanjakan'ny fiadanana dia mampianatra antsika ao amin'y Evanjely fa mitahiry izany rehetra izany ao am-po I Masina Maria. Manambara fandalinana lalina io toetr'I Masina Maria io. Ka aoka isika haka ny toetran'I Masina Maria, hampiditra an'I Jesoa eo anivon'ny fiainantsika, hampiditra an'I Jesoa eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely sy ny fiaraha monina misy antsika, amin'izay hanana fifampitokisana tokoa isika satria izany no fototry ny fikatsahana ny soa iombonana hiainana ny maha olom-pirenena marina. I Jesoa Ilay Marina hampianatra antsika hanao ny marina loharano sy fototra ny fifampitokisana hitondra amin'ny fiadanana sy amin'ny fandriampahalemana. Ny olom-pirenena rehetra dia antsoina hikatsaka ny soa ho an'ny tanàna misy azy ka hifampatoky ao anatin'ny fahamarinana anie isika. Tsy misy tokoa io firotsahana amin'ny politka lavorary araka ny voalazan'i Papa io raha tsy ao anatin'ny fahamarinana sy ny fikatsahana ny rariny sy ny hitsiny ka amin'izay hoy ny Papa Ray masina « L'engagement politique – qui est l'une des plus hautes expressions de la charité – porte le souci de l'avenir de la vie et de la planète, des plus jeunes et des plus petits, dans leur soif de réalisation. »

Ny tena politika marina dia manambara ny tena fitiavana marina satria ny fahafoizana no miteraka ny fitiavana manasoa, ny fitiavana manompo. Rehefa mirotsaka amin'ny tena politika marina tokoa dia entanim-pitiavana ka mahafoy ary vonona hikatsaka mandrakariva ny fiadanana sy ny fanasoavana ny tontolo iainana, hitady izay hahasoa ireo taranaka sy ny sisa rehetra mba hisy ny fivelarana ho an'ny taranaka rehetra mifandimby.

Izany hafatry ny Papa izany no fifampirarian-tsoa ho antsika rehetra amin'izao fanombohantsika ny taona izao ka enga anie i Masina Maria mpiaro an'i Madagasikara mba hitantanta antsika ka hiaina

ny tena politika marina sy lavorary hikatsaka ny marina izay fanehoam-pitiavana faran-tampony satria hanasoavana ny tontolo iainana sy ny tontolom-piainana ary ny tontolom-pinoana, izany no fanasoavana ny taranaka fara aman-dimby hahitan'izy ireo ny fivelarana, izany no fampandrosoana ny maha-olona manontolo sy ny olon-drehetra.

Izao fiatrehantsika ny sinaody izao ka hifampitraofantsika tsy misy avakavaka fa Olo Araiky Isika Jiaby anie hanampy antsika hifampihaino, handinika ny famantarana isan-karazany eo amin'ny fiainana. Samy hotsilovin'ny Fanahy Masina isika ka hametraka « directoire pastorale iombonana eto amin'ny diosezy ».

Ny fahasoavan'Andriamanitra anie hitantana antsika amin'izao taom-baovao izao. Hametraka izany rehetra izany eo am-pelantanan'Andriamanitra isika ka hahay hitahiry ao am-pontsika ao. Hitondra an'i Kristy eo amin'ny mpiara-belona amintsika mba ho taranaka mpanorina tokoa isika, ho taona fanorenana ho antsika tokoa anie ity taona vaovao 2019 ity ka hahitantsika ny tena hasambarana.

Raha manorina tontolo iainana miaro ny zava-boahary isika, raha taranaka mpanorina mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny hanehoantsika ny politika marina isika dia mivelona ny fanehoam-pitiavana faran-tampony araka ny voalazan'I Papa ka afaka mikatsaka ny soa iombonana hampivelatra ny tsirairay sy ny olon-drehetra, hanorina tontolom-pinoana hahitantsika an'i Kristy anie isika ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona eo amin'olona hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Hitoetra ao amin'i Kristy isika ka hamokatra be, ka izay itoeran'I Kristy no mamokatra tokoa ka ho taona mpamokatra ara-nofo, ara-tsaina ary ara-panahy anie ity taona vaovao, Taonan'ny Sinaody ity. Mitsodrano anareo aho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina. Amen

Mompera Arsevka Benjamin Ramaroson